# Ilay Voa Tsara Nafafy 09 Septambra 2018

# 9 **Alahady** septambra

**Ary hoy Jehovah taminy *(tamin'i Mosesy)* : Manaova menarana afo, ka ahantòny amin'ny hazo lava, ary izay rehetra voakaikitra dia ho velona, raha mijery izany.** Nomery 21. 8

***(Hoy Jesosy :)*** **Ary tahaka ny nanandratan'i Mosesy ny menarana tany an'efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.** Jaona 3. 14-15

## Topimaso tokana

*Vakio Nomery 21. 4-9*

Nandritra ny diany tany an-taniefitra, ny Zanak'Israely dia nifanehatra tamin'ny menarana „afo", izay nanaikitra nahafaty. Nefa nanolotra vahaolana ho azy ireo Andriamanitra, dia menarana varahina nahantona tamina hazo lava, mba ho hita tsara. Izay voakaikitra, manopy maso fotsiny amin'io menarana varahina io, dia sitrana. Mampianatra inona antsika moa izany tantara izany ?

Azo oharina amin'ny kaikitra menarana ny ota, ary mitarika ho amin'ny fahafatesana mandrakizay, satria „fahafatesana no tambin'ny ota" (Romana 6. 23). Manohatra ny tenany amin'ilay menarana varahina i Jesosy. Izy no fanafody atolotra ho an'ny rehetra. Ny fibanjinana am-pinoana an'i Jesosy mihantona eo amin'ny hazofijaliana, dia ampy hahasitrana amin'ilay kaikitra mandoza. Izay mijery an'i Jesosy dia voavonjy tsy hiharan'ny fitsarana ara-drariny ataon'Andriamanitra, ary manana ny fiainana mandrakizay.

Nasain'Andriamanitra niezaka hanakaiky ilay menarana varahina ve ity Israelita fadiranovana voakaikitry ny menarana, mba hikasika azy io ? Tokony hanao ezaka manokana ve izy, mba ho mendrika ny fahasitranana ? Tsia dia tsia ! Fa raha vao nahatsapa hoe voakaikitra izy, dia nahatakatra ny fanafana : topimaso tokana !

Heverinao ve fa mangataka ezaka aminao Andriamanitra, mba ho mendrika hovonjena ianao ? manatanteraka fivahiniana masina ? mampijaly tena mba havela heloka ? Nefa na handohalika manodidina ny tany aza ianao, tsy ho azon'Andriamanitra avela akory, na dia fahotanao iray monja aza. Fa ampy kosa ny topimaso tokana eo amin'ny hazofijalian'i Jesosy, satria mino ianao ka miaiky fa mpanota : „Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao" (Asan'ny Apostoly 16. 31).